



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-6

**FIFIDIANANA IREO FILOHAN'NY VAOMIERA MAHARITRA SY NY
MPAMPAKATENIN'NY VAOMIERAN'NY FITANTANAM-BOLA
SY NY TETIBOLA ETO AMIN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-6
Natao ny
Talata 23 Jolay 2019
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- RAHELIHANTA Jocelyne

FOTOANA: Talata 23 Jolay 2019, tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra sy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nitohy ny Talata 23 Jolay 2019, tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nandray fitenenana voalohany ary nitondra fisaorana ho an'ny Solombavambahoaka avy amin'ny alalan'ny Birao Maharitra tamin'ny fahambonian-tsaina nasehon'izy ireo tamin'ny fandaminana natao.

Taorian'izay, Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toliara no nitarika ny fivoriana ary nitondra ny fialan-tsinin-dRamatoa Filoha noho ny tsy fahafahany hitarika ny fivoriana satria mbola misy adidy hafa tsy maintsy ataony.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Filoha, izay fifidianana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra sy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola eto amin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha. Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanatanteraka izany.

Rehefa izany, novakian'Andriamatoa Filoha ny anaran'ireo Solombavambahoaka nilatsaka hofidina amin'ny toeran'ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra sy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ka toy izao avy izy ireo:

- «Commission des Ressources Stratégiques»: Andriamatoa MOHAMAD Ahmad (IRD).
- «Commission de la Défense Nationale»: Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice (IRD).
- «Commission des Affaires Etrangères»: Andriamatoa RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian (IRD).
- «Commission des Finances et du Budget»: Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda (IRD).
- «Commission de l'Énergie et Eaux»: Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred (IRD).
- «Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des PME»: Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina (IRD).
- «Commission Juridique»: Andriamatoa IDEALSON (IRD)
- «Commission de l'Économie et Planification»: Andriamatoa ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy (TIM)

- «Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation»: Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa (IRD)
- «Commission des Poste et Télécommunications et des Nouvelles Technologies»: Andriamatoa MAMANGY Norbert (GPR)
- «Commission de l'Agriculture et Développement Rural»: Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas (Indépendant).
- «Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts»: Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY José Alain (IRD).
- «Commission de Transport et de la Météorologie»: Andriamatoa RAJOELINA Andriamiharimanana Seth (IRD).
- «Commission des Travaux Publics»: Andriamatoa RASALAMA Léon (IRD)
- «Commission de l'Élevage et de la Protection Animale»: Andriamatoa RAYMOND (IRD).
- «Commission des Infrastructures et de l'Équipement»: Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina (TIM).
- «Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière»: Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina (IRD).
- «Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique»: Andriamatoa RASOLONIAINA Robert (IRD).
- «Commission de l'Éducation Nationale»: Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel (IRD).
- «Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle»: Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel (TIM)
- «Commission de la Sécurité Publique»: Andriamatoa NAKANY Charly (IRD).
- «Commission de la Santé Publique»: Andriamatoa RAJAABELINA Lova Herizo (IRD).
- «Commission du Commerce et de la Consommation»: Andriamatoa ASSIMO Bruno (IRD).
- «Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche»: Ramatoa BAOFENO Micheline (IRD).
- «Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions»: Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY Fetra (IRD).
- «Commission de la Jeunesse et Sports»: Andriamatoa RATSIVAHINISOLO Andriniony (IRD).
- «Commission de la Fonction Publique, du Travail et Lois sociales»: Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin (IRD).
- «Commission de la Population et de la Protection Sociale»: Andriamatoa RATSIMANDRIONA Aida Hardy (IRD).
- «Commission de l'Artisanat et du Tourisme»: Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine (IRD)
- «Commission de la Culture, du Patrimoine et Promotion Artistiques»: Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot (IRD).
- «Commission du Genre et Développement»: Ramatoa MASY Goulamaly (GPR)
- «Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget»: Andriamatoa TSARADIA Marco (IRD)

Taorian'izay, nanao satroka ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Augustin, fa tokony ho olona iray no hanolotra ny olona hofidina mba hialana amin'ny fandanium-potoana.

Rehefa izany, niangavy Solombavambahoaka iray hiroso eny anoloana, Andriamatoa Filoha, hanolotra ireo kandida ka Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse no nanatanteraka izany.

Niangavy ireo kandida hitsangana eny amin'ny toerana misy azy ny mpanolotra rehefa voatonona ny anarany.

Fanentanana ny Solombavambahoaka hifidy ireo kandida no nisongadina tamin'ny fandraisany fitenenana.

Nambarany fa «bulletin unique» no ampiasaina amin'ny fifidianana ary mifanaraka amin'ny fampahafantarana sy fiantsoana anarana natao teo ny laharan'ny kandida hofidina.

Nambarany ihany koa fa nisintona ny filantsahan-kofidiny tsy ho isan'ireo kandida ao amin'ny «Commission de l'Agriculture et du Développement Rural» Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse, tamin'ny fanatontosana ny fanolorana ireo kandida, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka ary mazava ho azy fa ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no arahina amin'ny fanatanterahana izany.

Taorian'ny fifidianana, niangavy Solombavambahoaka miisa efatra tsy kandida mba hanao ny fanisam-bato, Andriamatoa Filoha, ka ireto avy izy ireo:

- Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia,
- Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao,
- Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot,
- Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol.

Rehefa vita ny fanisam-bato, nolazaina fa hotononina araka ny filaharan'ny Vaomiera ao anaty taratasin-datsabato ny vato azon'ny kandida tsirairay avy.

Toy izao ny vokatry ny latsabato:

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 07

- «Commission des Ressources Stratégiques»

Vato azon'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad (IRD): 124

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Ressources Stratégiques», ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 08

- «Commission de la Défense Nationale»

Vato azon'Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice (IRD): 123

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Défense Nationale», ny Solombavambahoaka VELOMAHAZO Patrice.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 07

- «Commission des Affaires Etrangères»

Vato azon'Andriamatoa RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian (IRD): 124.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Affaires Etrangères», ny Solombavambahoaka RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission des Finances et du Budget»

Vato azon'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda (IRD): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Finances et du Budget», ny Solombavambahoaka ANDRIAMIASASOA Doda.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission de l'Energie et Eaux»

Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred (IRD): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Energie et Eaux», ny Solombavambahoaka RANDRIAMANAMPISOA Alfred.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 06

- «Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des PME»

Vato azon'Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina (IRD): 125.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des PME», ny Solombavambahoaka ANDRIAMBELOSOA Heriniaina.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 11

- «Commission Juridique»

Vato azon'Andriamatoa IDEALSON (IRD): 120

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission Juridique», ny Solombavambahoaka IDEALSON

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission de l'Economie et Planification»

Vato azon'Andriamatoa ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy (TIM): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Economie et Planification», ny Solombavambahoaka ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 11

- «Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation»

Vato azon-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa (IRD): 120

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Intérieur et Décentralisation», ny Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission des Poste et Télécommunications et des Nouvelles Technologies»

Vato azon'Andriamatoa MAMANGY Norbert (GPR): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Poste et Télécommunications et des Nouvelles Technologies», ny Solombavambahoaka MAMANGY Norbert.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission de l'Agriculture et Développement Rural»

Vato azon'Andriamatoa isany RANDRIANASOLO Jean Nicolas (Indépendant): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Agriculture et Développement Rural», ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts»

Vato azon'Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY José Alain (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts», ny Solombavambahoaka RAKOTONDRAZAFY José Alain.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission de Transport et de la Météorologie»

Vato azon'Andriamatoa RAJOELINA Andriamiharimanana Seth (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de Transport et de la Météorologie», ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriamiharimanana Seth.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission des Travaux Publics»

Vato azon'Andriamatoa RASALAMA Léon (IRD): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Travaux Publics», ny Solombavambahoaka RASALAMA Léon.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 11

- «Commission de l'Élevage et de la Protection Animale»
Vato azon'Andriamatoa RAYMOND (IRD): 120

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Élevage et de la Protection Animale», ny Solombavambahoaka RAYMOND.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission des Infrastructures et de l'Équipement»
Vato azon'Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina (TIM): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Infrastructures et de l'Équipement», ny Solombavambahoaka ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 10

- «Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière»
Vato azon'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina (IRD): 121

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière», ny Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 13

- «Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique»
Vato azon'Andriamatoa RASOLONIAINA Robert (IRD): 118

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique», ny Solombavambahoaka RASOLONIAINA Robert.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 15

- «Commission de l'Education Nationale»

Vato azon'Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel (IRD): 116

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Education Nationale», ny Solombavambahoaka RANDRIANARIVELO Justin Abel.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 14

- «Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle»

Vato azon'Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel (TIM): 117

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle», ny Solombavambahoaka JEAN FRANCOIS Michel.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission de la Sécurité Publique»

Vato azon'Andriamatoa NAKANY Charly (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Sécurité Publique», ny Solombavambahoaka NAKANY Charly.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission de la Santé Publique»

Vato azon'Andriamatoa RAJAABELINA Lova Herizo (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Santé Publique», ny Solombavambahoaka RAJAABELINA Lova Herizo.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission du Commerce et de la Consommation»

Vato azon'Andriamatoa ASSIMO Bruno (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission du Commerce et de la Consommation», ny Solombavambahoaka ASSIMO Bruno.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 15

- «Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche»

Vato azon-dRamatoa BAOFENO Micheline (IRD): 116

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche», ny Solombavambahoaka BAOFENO Micheline.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 09

- «Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions»

Vato azon'Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra (IRD): 122

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions», ny Solombavambahoaka RAKOTONDRA SOA Fetra.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 13

- «Commission de la Jeunesse et Sports»

Vato azon'Andriamatoa RATSIVAHINISOLO Andriniony (IRD): 118

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Jeunesse et Sports», ny Solombavambahoaka RATSIVAHINISOLO Andriniony.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 15

- «Commission de la Fonction Publique, du Travail et Lois sociales»
Vato azon'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin (IRD): 116

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Fonction Publique, du Travail et Lois sociales», ny Solombavambahoaka FIAROVANA Lovanirina Celestin.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission de la Population et de la Protection Sociale»
Vato azon'Andriamatoa RATSIMANDRIONA Aida Hardy (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Population et de la Protection Sociale», ny Solombavambahoaka RATSIMANDRIONA Aida Hardy.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 12

- «Commission de l'Artisanat et du Tourisme»
Vato azon-dRamatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine (IRD): 119

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de l'Artisanat et du Tourisme», ny Solombavambahoaka RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 14

- «Commission de la Culture, du Patrimoine et Promotion Artistiques»
Vato azon'Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot (IRD): 117

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission de la Culture, du Patrimoine et Promotion Artistiques», ny Solombavambahoaka CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 22

- «Commission du Genre et Développement»
Vato azon-dRamatoa MASY Goulamaly (GPR): 109

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny «Commission du Genre et Développement», ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly.

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny mpandatsa-bato: 131
- Vato fotsy: 25

- «Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget»
Vato azon'Andriamatoa TSARADIA Marco (IRD): 106

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Rapporteur de la «Commission des Finances et du Budget», ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco.

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka tamin'ny fahatontosan'ny fifidianana, Andriamatoa Filoha ary niangavy ireo Solombavambahoaka voafidy teo mba handroso eny anoloana halain'ny mpanao gazety sary.

Mbola niangavy ny Solombavambahoaka hatrany ny tenany tsy handao ny efitrano, fa hisy fivoriana «à huis clos» hatao miaraka amin'Andriamatoa Kestora Voalohany aorian'izao fivoriambe izao.

Rehefa izany, niarahaba ireo Filohan'ny Vaomiera vaovao tamin'ny anaran-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena izy ary nirary azy ireo havita be amin'ny adidy hotanterahany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa araka ny andininy faha-41 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy maintsy misoratra anarana amin'ireo Vaomiera ireo ny Solombavambahoaka rehetra, ka Vaomiera miisa telo farafahabetsany no azony isoratana anarana ary asiana marika izay Vaomiera hirotsahana satria efa nozaraina tamin'izy ireo ny taratasy mikasika izany. Aorian'izay, aterina ao amin'ny «Service des Relations avec les Parlementaires» izany.

Rehefa izany, nampahatsiahy Andriamatoa Filoha, fa hatao ny Alarobia 24 Jolay 2019, amin'ny 11 ora, atoandro, ny famaranana izao fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2019 izao, ka nanentana ny Solombavambahoaka rehetra mba hanatrika izany izy.

Niato tamin'ny 7 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

